Fisy mandravona ny voka-pikarohana

Tetikasa SERVInnov





# Manaraka ny zava-baovao amin'ny sehatry ny fambolena sy fiompiana : ny fivoaran'ireo tantsoroka nomena sy ny kalitaon'ny tolo-draharaha

## Tranga nohadihadiana mikasika ny fitahirizana zanak'ovy ataon'ny fikambanana tantsaha mpikambana ao amin'ny FIFATA

## 1. Inona ilay zava-baovao novoizina?

Fifantenana zanak'ovy salama tsara, fitantanana sy fitahirizana anaty trano voatokana ary vita tamin'ny akora avy eny an-toerana, eny anivon'ny tantsaha.





## 2. Tantaran'ny fivoizana ilay zava-baovao ary fivoaran'ny tantsoroka natolotra ny mpamokatra


Ny niaingan'ity fivoizana zava-baovao ity dia nanomboka tamin'ny 2008 tao Vakinankaratra rehefa tojo aretin'ovy tahaka ny fandazo ny mpamokatra, ka nila fitahirizana sy fahafahana misitraka masombolin'ovy salama tsara. Mba ahafahana mamaha ny olan'ny fitahirizana masomboly, dia nisy dinidiniky ny komitin'ny VFTV[1] sy ny Ceffel[2] izay niafara tamin'ny famolavolana trano fitahirizam-bokatra amin'ny alalan'ny akora eny an-toerana, nalaina tahaka tamin'ireo izay efa nandraman'ny CAP-Malagasy[3] tamin'ny vary tany amin'ny faritra Atsimo. Ho famahana ny olana amin'ny tsy fisian'ny masomboly fototra, ny Ceffel dia nanao andrana tamin'ny famokarana zanak'ovy, Ary niara-niasa tamin'ny Fifamanor sy ny Fofifa (ivon-toerana fikarohana roa). Ny tantsaha mpamokatra masomboly sy ny tantsaha mpampita, mpikambana ao amin'ny Fifata, dia nahazo tohana sy fiofanana tsy tapaka avy tamin'ny Ceffel sy ny Cap-Malagasy amin'ny teknika-mpambolena ary koany fiaraha-mitantana mba hanatsarana ny fitantanana ny tahirin-janak'ovy.

[1] VFTV : Vovonan'ny Fikambanan'ny Tantsahan'i Vakinankaratra, mpikambana anatin'ny fivondronam-be mpiahy ny mpamokatra FIFATA « FIkambanana FAmpivoarana ny Tantsaha »

[2] CEFFEL : Ivon-toeram-panandramana sy fiofanana mikasika ny Voankazo sy ny Legioma, mpikambana anatin'ny vondrona FIFATA

[3] Cap-Malagasy : fikambanana mifototra amin'ny tolo-kevitra ifotony momba ny famokarana, mpikambana anatin'ny vondrona FIFATA

## Ny lalan-kizoran'ny fivoizana ny zava-baovao sy ireo asa tantsoroka ho an'ny mpamokatra




**VK :** faritra Vakinankaratra
**PM :** tantsaha mpamokatra masomboly
**PR :** tantsaha mpampita


## 3. Ny mason-tsivan'ny fahombiazan'ny asa tantsoroka eny amin'ny mpamokatra ho an'ny fitahirizana sy fifantenana ovy

Maro samihafa ny masontsivan'ny fahombiazana nolazain'ny mpamokatra sy ny FIFATA, maro ny **mason-tsivan'ny** roa tonta na inona na inona ilay tolo-draharaha tantsoroka ho an'ny fivoizana ilay zava-baovao (torohevitra ara-teknika, fanjohiana ny amin'ny resaka taratasy, fanampiana amin'ny famarotana, fanamorana ny fahazoana fanafody sy masomboly) : ny **fomba fampianaran**'ny mpanolo-kevitra na ny mpampiofana ; ny **fepetra fisitrahana** ny tolo-draharaha na koa ny **fisian'ny mangarahara** sy ny fiampitan'ny vaovao eo amin'ny mpikambana, ny tantsaha fitaratra ary ny mpanolo-kevitra. Ho an'ny asa fanohanana ny famarotana na fisitrahanahana-pamokarana, ny **fiaraha-manapakevitra** eo amin'ny FIFATA sy ny mpikambana amin'ny rafitra famaritava sy fahamarinan-toetran'ny vidiny dia zava-dehibe.

Misy mason-tsivana sasany manan-danja be ho an'ny tantsaha: fahombiazan'ny fanjohiana amin'ny resaka tohana amin'ny famarotana ovy, ary farany, ny fifampitokisana izay apetraka miaraka amin'ny mpanolo-kevitra, izay matetika mifamatotra amin'ny isan'ny famangiana sy fitsidihana ary ny fanakaikezany ara-jeografika na ara-tsosialy amin'ireo vondrona mpamokatra.

Misy mason-tsivana sasany izay manan-danja tokoa ho an'ny FIFATA : ary mifanandrify amin'ny olana amin'ny fikarakarana mialoha: ny fivoaran'ny votoatin'ny fiofanana arakaraky ny fangatahan'ny mpamokatra, na ny olana eo amin'ny fandrindrana sy fandaminana ny asa : ny hatetiky ny asa sy ny fidirana an-tsehatra, ny fampitaovana (ny trano hivantanan'ny mpiofana, fandraisana an-tanana ny fitaterana ny vokatra), ny isan'ny fikambanana sy ny mpisitraka, na ny fandraisana andraikitry ny mpamokatra mba hampivondrona ny fangatahana sy ny fitsinjaràna.

## Ny mason-tsivana mampahomby manokana sy iraisana




Mason-tsivana mampahomby lehibe avy amin'ny mpisitraka

Mason-tsivana mampahomby lehibe avy amin'ilay rafitra mpanatanteraka ny asa tan-tsoroka

Mason-tsivana mampahomby lehibe, sady avy amin'ny mpisitraka no avy amin'ny rafitra mpanatanteraka ny asa tantsoroka

# 4. Fomba fijery samihafa mikasika ny fanatanterahana ny asa tantsoroka amin'ny fivoizana ny zava-baovao

## 4.1. Ny mason-tsivana izay iraisan'ny rafitra sy ny mpisitraka

| Karazana asa tantsoroka | Famaritana ilay asa | Mason-tsivana hampahomby | Fanamarinana |
|---|---|---|---|
| Tolo-kevitra ara-teknika, fampiasam-pahaizana sy fanjohiana → Fiofanana ara-teknika<br>Fanamafisam-pahaizana → Fiofanana sy fanampiana amin'ny fikarakarana taratasy eny anivon'ny fivondronan'ny tantsaha | | • Fahafahana mamaha olana Fahaiza-manao teknika an'ny mpanatanteraka<br>• Fahaizan'ny mpampiofana mampianatra<br>• Toetry ny mpanatanteraka | • Fiofanana novolavolaina avy amin'ny hetahetan'ny mpamokatra, indrindra amin'ny lafiny teknika.<br>• Tahirin-kevitra, fanentanana, fomba sy fitaovana ankasitrahan'ny mpisitraka sady avaozina matetika. |
| Fampifandraisana sy fanamorana | Fanampiana amin'ny famarotana | • Fiaraha-manapaka amin'ny mpamokatra | • Mandray anjara amin'ny famaritana ny vidim-bokatra ny solon-tenan'ny mpamokatra. |
| Fanamorana fahazoana hàna amin'ny famokarana | Famatsiana masomboly | • Kalitao sy hatsaran'ny masomboly<br>• Fahakaikezan'ny toeram-pamatsiana<br>• Fandraisan'ny mpamokatra anjara eo amin'ny fomba fanomezana tolo-draharaha | • Fijerena akaiky ny kalitaon'ny masomboly omena sy ny mombamomba azy (fihaviany).<br>• Fanakaikezana izay miantoka ny fahafahana misitraka sy manamora ny saram-fitaterana.<br>• Fiaraha-manapaky ny mpiantsehatra sy ny mpamboly mikasika ny toerana sy ny fandrindrana ny fampitaovana. |

Karazana asa tantsoroka — Famaritana ilay asa — Mason-tsivana hampahomby — Fanamarinana

## 4.2. Ny mason-tsivana tsy mampitovy hevitra ny rafitra sy ny mpisitraka

| Karazana asa tantsoroka | Famaritana ilay asa | Mason-tsivana hampahomby | Fanamarinana |
|---|---|---|---|
| Tolo-kevitra ara-teknika, fampiasam-pahaizana sy fanjohiana → Fiofanana ara-teknika<br>Fanamafisam-pahaizana → Fiofanana sy fanampiana amin'ny fikarakarana taratasy eny anivon'ny fivondronan'ny tantsaha | | • Fanaraha-maso aorian'ny fiofanana<br>• Hatetiky ny fitsidihana<br>• Fivoaran'ny votoatin'ny fiofanana arakaraky ny filàna<br>• Fahafahana misitraka | • Ny fitsidihana aorian'ny fiofanana sy ny fanaraha-maso maharitra dia tena tadiavin'ny mpamokatra, toy izany ihany koa ny fiofanana matetika sy maharitra.<br>• Misy filàna fiofanana mikasika ny fomba famaritana vidim-bokatra sy ny fomba famarotana.<br>• Efa misy fifanakalozana eo amin'ny PM-PR sy ny mpamokatra saingy mbola azo hamafisina mba ahafahana mitondra ny hetaheta any amin'ny FIFATA mba hanatsarana ny tolotra.<br>• Misy faritra sasany, ny PR sy PM irery no misitraka fiofanana sy fanjohiana. |
| Fampifandraisana sy fanamorana | Fanampiana amin'ny famarotana | • Fahafenoin'ny tolotra<br>• Fifandraisan'ny mpiantsehatra sy ny mpisitraka | • Fifanarahana miverimberina mikasika ny fanamorana ny fitaterana ny vokatra.<br>• Ny fifampitokisana sy ny mangarahara eo amin'ny famaritana ny vidim-bokatra dia zava-dehibe amin'ny fifandraisan'ny mpiantsehatra sy ny mpamokatra, fa indrindra ihany koa amin'ny solon-tenan'ny mpamokatra sy ny mpamokatra, rehefa mikasika ny famarotana. |
| Fanamorana fahazoana hàna amin'ny famokarana | Famatsiana masomboly | • Fahafahana misitraka ny tolo-draharaha<br>• Kalitaon'ny tolo-draharaha (fifandrifiana sy hafainganan'ny valiny).<br>• Fahafahana mamaha olana. | • Voafetra ho an'ny tantsaha mpanamaro sy ny tantsaha fitaratra ny tolo-draharaha noho ny isan'ny teknisianina tsy ampy sy ny sakana ara-bola.<br>• Mazàna lava ny fotoana fiandrasana eo anelanelan'ny fangatahana masomboly sy ny fahatongavany, indraindray aloha loatra ka mifanipaka amin'ny eritreritra handaminana ny fambolena.<br>• Ny habetsaky ny masomboly dia matetika latsaka amin'ny filàn'ny mpamokatra izay avo dia avo |

Karazana asa tantsoroka — Famaritana ilay asa — Mason-tsivana hampahomby — Fanamarinana

## 5. Ny lesona azo tsoahina mikasika ny fepetra mahatomombana ny tantsoroka fanatsaràna ny fitahirizana sy fifantenana ovy

Ny fanjohiana maharitra sy mifototra amin'ny fifampitokisana amin'ny mpamokatra dia antoka amin'ny fandrosoana iombonana.

▪ Ny **fanakaikezana** ny mpamokatra (ara-tsosialy, ara-potoana, ara-batana) dia manampy amin'ny fametrahana fifampitokisana sady manatsara ny fifankahazoana na amin'ny fomba fiasan'ny mpanatanteraka etsy an-daniny, sy ny fahasarotan'ny asa fambolen'ny mpamokatra etsy ankilany.

▪ Noho izany, ny fandrasain'ny rafitra mpanome tantsoroka ny atao hoe fahombiazana dia mazàna tsy mitovy tanteraka amin'ny fandraisan'ny mpamokatra mpisitraka izany : ny **fifanakalozana tsy an-kiato** sy ny **fiaraha-manapakevitra** mikasika ny votoaty sy ny fomba fandrindrana ny tolo-draharaha dia manampy hampitovy ny fomba fijery.

▪ Mila hay ny mandanjalanja tsara ny hatetiky ny fidinana ifotony,ny fanaraha-maso, ary ny isan'ny mpamokatra rehetra nozohiana ; ny isan'ny teknisianina na ny mpanolo-kevitra sy ny fanaramana azy ireo dia matetika mametra ny fanitarana ny isan'ny mpikambana.

▪ Ny asa tantsoroka amin'ny fivoizana zava-baovao iray mazàna dia mitarika **filàna fanjohiana maro samihafa** sy sarotsarotra kokoa : ohatra, ny fanomezana fiofanana ara-teknika ho an'ny mpanamaro zanak'ovy dia mitondra fivoarana sy filàna eo anivon'ny fikambanan'ny mpamokatra izay mitodika kokoa any amin'ny fiaraha-mitantana ny trano fitahirizam-bokatra sy any amin'ny fahalalana mikasika ny tsenan'ny ovy anatin'ny faritra.

▪ Ny fahafahana mamaly izany fahasamihafana tsy mitsaha-mitombo mikasika ny filàna izany dia fanamby lehibe ho an'ireo rafitra manohana ny mpamokatra. Izany **fahafahana mamaly** izany dia afaka velarina avy ao anatin'ny rafitra ihany, na koa avy any ivelany amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa amina rafitra hafa efa za-draharaha.

---

### Ny tetikasa SERVInnov

Ny tanjon'ny tetikasa **SERVInnov** dia hanaporofo fa ny fampiarahana karazana tantsoroka mahomby dia manamafy ny fampiharana ny fomba fanao vaovao tompon'andraikitra sy tsy manavakavaka eo amin'ny sehatry ny fambolena, fiompiana ary ny fanodinana sakafo.

Ny Cirad no mandrindra ny tetikasa ary miara-miasa amin'ny ivon-toeram-pikarohana, ny rafitra misehatra amin'ny fampandrosoana ary ny vondrona tantsaha ao amin'ny firenena 5 : **Cirad** (Frantsa), **Oniversiten'ny Hohenheim** (Alemana), **Oniversiten'ny Dschang** sy **IECD** (Cameroun), **CEDRES** sy **GRET** (Burkina Faso), **ESSA** sy **FIFATA** (Madagasikara).

Karazana fomba fanao vaovao mihoatra ny 20 no nohalalinina teto Madagasikara, tany Cameroun ary tany Burkina Faso. Ny valin'ny fikarohana mampandray anjara olona avy amin'ny rafitra maro samihafa dia ahafahana manome tolo-kevitra ho an'ny mpisehatra sy ny mpanapa-kevitra mba hanamafisana ny rafitra mivoy fomba fanao vaovao eo amin'ny sehatry ny fambolena sy fiompiana aty Afrika.





---


**Nanao fanadihadiana sy fandalinana :** Sarobidy Christinà Razafimandimbison

**Komity nanoratra :** Sarah Audouin (Cirad/FOFIFA), Tovo Ratsimbazafy (FIFATA), Christien Andriantiana (FIFATA), Andriamparany Ranoasy (FIFATA), Salomé Ranaivomanana, Mandranto Nantenaina Andriamanantsoa, Harilala Andriamaniraka (ESSA), Narilala Randrianarison (ESSA), Syndhia Mathé (Cirad)

**Nandrindra an-tsary :** Antso Andrianary

ty vokatra ity dia azo tao anatin'ny tetikasa **SERVInnov** novatsian'ny programa **LeapAgri** an'ny Vondrona Eropeanina sy ny vondrona Afrikanina, niaraka tamin'ny fanampian'ny Agence française de Développement **(AFD)**, an'ny German Aerospace Center- Project Management Agency **(DLR-PT)** sy ny **FONRID** (Fonds National de la Recherche et de l'innovation pour le développement) any Burkina Faso.